SCOUTS Madagascar

TILY ETO MADAGASIKARA

"Tanteraho ny fanompoanao" II Timoty 4:5e

# TANJON'NY FANDROSOANA LOVAINJAFY



LES SCOUTS pour les ODD

| | |
|---|---|
| **Inona ny ODD ?** | **4** |
| **Inona no idiran'ny skoto amin'ny ODD ?** | **4** |
| **ODD 1 - Fongotra ny fahantrana** | **5** |
| **ODD 2 - Foana ny hanoanana** | **7** |
| **ODD 3 - Fisitrahana fahasalamana** | **9** |
| **ODD 4 - Fanabeazana tsara kalitao** | **11** |
| **ODD 5 - Miralenta** | **13** |
| **ODD 6 - Rano madio, fidiovana sy fanadiovana** | **15** |
| **ODD 7 - Angovo madio sy moravidy** | **17** |
| **ODD 8 - Asa mendrika sy fitomboan'ny harinkarena** | **18** |
| **ODD 9 - Indostria, haivao, fotodrafitrasa** | **20** |
| **ODD 10 - Mihena ny tsy fitoviana** | **22** |
| **ODD 11 - Tanàna sy fokonolona lovainjafy** | **24** |
| **ODD 12 - Fanjifana sy famokarana voalanjalanja** | **26** |
| **ODD 13 - Fepetra mikasika ny fiovan'ny toetrandro** | **28** |
| **ODD 14 - Voahary an-drano** | **30** |
| **ODD 15 - Voahary an-tanety** | **32** |
| **ODD 16 - Fandriampahalemana, Fitsarana, andrimpanjakana mahomby** | **34** |
| **ODD 17 - Fiarahamiasa ho fanatanterahana ny tanjona** | **36** |

## Fanolorana

Ity tahirin-kevitra ity dia tohana ho ampiasain'ny mpanabe amin'ny fahazoana ireo Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy (ODD) sy ny fifandraisany amin'ny asa fanabeazana, indrindra amin'ny famadihana azy ho sahanasa sy asa firotsahana azo tsapain-tanana, ary ny famadihana azy ho sehatra fitrandrahana talenta ho an'ny beazina.

Tsy voafetra (exhaustif) ary tsy raiki-tampisaka (figée) ny fifandraisan'ny ODD sy ireo talenta tily atolotra ato fa tari-dalana ihany natao hanampy amin'ny fitrandrahan-kevitra ho an'ny mpanabe, ary arakaraka ny fahaiza-mamoron'ny mpanabe no ahafahana mitrandraka sy manitatra azy. Ohatra amin'izany ny ankamaroan'ireo talenta momba ny zava-kanto sy ny fahaiza-mamorona, izay tsy voasoratra ato ny fifandraisany. Saingy azo atao tsara, ohatra, ny mampiasa ny talenta "mpamoron-kira" hamoronana fanentanana amin'ny fanasana tanana (ODD 3), na ny mampiasa ny talenta "Mpitana vakoka" sy "Mpikabary" hivoizana ny kolotsaina malagasy (ODD 14.1). Torak'izany koa ireo talenta menafify izay efa mifanaraka amin'ny fenitra navoakan'ny Ministeran'ny Fampianarana Teknika sy ny fanofanana arak'asa
( https://www.metfp.gov.mg/listes-des-referentiels/ ).




**Fisaorana**

Ekipa Mi-Tily Serasera nanampy tamin'ny fandrafetana (compilation sy mise en page) ny boky : ANDRIANARISON Ny Antso Olontiana, ANDRIANELISOA Mampita




## Inona ny ODD ?

Tsy an'ny skoto irery ny ODD, ary tsy ny skoto no namorona azy fa tanjona iraisan'ny rehetra. Tamin'ny volana septambra 2015 dia nivory avokoa ireo Firenena miisa 193 ao amin'ny Firenena Mikambana, isan'izany i Madagasikara, ka niara-nanapaka fa samy hiezaka avokoa hahatratra tanjona 17 izay niarahan'izy ireo namaritra. Nifanome fotoana ireo firenena ireo fa mandra-pahatonga ny taona 2030 dia hanao ny ezaka rehetra hahatratra ireo tanjona 17 ireo. Manana andraikitra avokoa ny rehetra mba ho tratra ireo tanjona ireo : ny mpitondra firenena, ny sehatra tsy miankina, ny olom-pirenena tsirairay. Ise io koa !

## Inona no idiran'ny skoto amin'ny ODD ?

Tsy vaovao amin'ny skoto ny fanaovana sahan'asa misy fiantraikany amin'ny fiaraha-monina fa efa maha-izy azy mihitsy.

Ilay vinan'ny skotisma hoe "Hanorina Tontolo tsara kokoa", ny ODD manolotra famaritana iraisana sy azo refesina amin'ilay tontolo tsara kokoa azontsika aorina. (Io no filan'ny fiaraha-monina iombonantsika eran'izao tontolo izao)

Ilay asa firotsahana atao rehetra, rehefa ampifandraisina amin'ny ODD : sady misarika ny tanora beazina, manampy ny mpiandraikitra hivelatra ho afaka hamolavola asa firotsahana maro karazana kokoa (sy mifototra amin'ny vokatra azo refesina), mampitombo ny fiantraikan'ny skotisma amin'ny fiaraha-monina.

Jereo scout.mg/odd

# ODD 1 - Fongotra ny fahantrana




Maherin'ny 75%-n'ny mponina eto Madagasikara no miaina anatin'ny fahatrana (latsaky ny 1,90$ isan'andro) araka ny antontanisan'ny Banky iraisam-pirenena (2019). Mbola tena maro ny olona sahirana amin'ny fahazoana sakafo sahaza sy rano fisotro madio. Ny famongorana ny fahantrana dia ny fikarohana vahaolana ahafahan'ny olona tsirairay, na aiza na aiza, hanana anjara fiainana mendrika.

**Tanjona 1 : Fongorina ny fahantrana amin'ny endriny rehetra sy manerana izao tontolo izao.**

## Zava-kendrena

**1.1** Ho foana tanteraka ny fahantrana lalina manerana izao tontolo izao mandrapahatongan'ny taona 2030 (Tsy hisy intsony ireo miaina amin'ny vola latsaky ny 1,25USD isanandro)

**1.2** Mandrapahatongan'ny 2030, mihena amin'ny antsasany farafaharatsiny ny ampahan'isan'ny lehilahy, ny vehivavy, ary ny ankizy tsy anavahana taona, miaina anaty ny fahantrana na inona na inona endriny, araka ny namaritan'ny firenena tsirairay ny atao hoe fahantrana sy ny fisehony.

**1.3** Mametraka rafitra sy fepetra iahiana ara-tsosialy ny rehetra, mifanaraka amin'ny zava-misy isaky ny firenena. Tafiditra anatin'izany ny fiahiana ara-tsosialy fototra mba hisitrahan'ny olona mahantra sy marefo maro izany mandrapahatongan'ny 2030.

**1.4** Mandrapahatongan'ny 2030, atao izay hitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy, zo amin'ny entimanana ara-toekarena, indrindra fa ireo mahantra sy olona marefo, hisitrahan'izy ireo fikarakarana fototra, ny fananantany sy ny fitantanana ny raharahan-taniny, ny fandovana, ny harenjavaboahary, ny haitao, ny tolotra ara-bola mifanaraka amin'ny tadiaviny, tafiditra anatin'izay ny fampindramambola madinika

**1.5** Mandrapahatongan'ny 2030, ampiana ireo mahantra sy olona marefo mba ho afaka hiatrika ny sedra mahazo azy ary atao izay ampihena ny mety hisedrainy trangana toetry ny andro mahery vaika.

**1.a** Miantoka fitadiavana entimanana avy amina loharano maro, tafiditra anatin'izany ny fanamafisana ny fiarahamiasa ho an'ny fampandrosoana. Tanjona ny ahafahan'ny firenena an-dalam-pandrosoana, indrindra ireo firenena tsy dia mandroso, manana fomba mety sy azo ampiasaina hanatanterahana fandaharanasa sy politika miady amin'ny fahantrana amin'ny endriny rehetra.

**1.b** Mametraka fotokevitra politika ankapobeny mateza, mifototra amina paikadim-pampandrosoana manasoa ny olona mahantra sy mitsinjo ny zavatra iainan'ny lehilahy sy ny vehivavy eo anivon'ny firenena, faritra ary iraisam-pirenena.

## Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/fr/taxonomy/term/93626
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/1
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/poverty/

## Talenta fitrandraka



- Tia fambolena: https://www.scout.mg/talenta/loup-fambolena/
- Tia fiompiana: https://www.scout.mg/talenta/loup-fiompiana/
- Mpamboly : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpamboly/
- Mpanjono : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanjono/
- Mpihaza : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpihaza/
- Mpiompy : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpiompy/
- Famokarana : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-famokarana/

# ODD 2 - Foana ny hanoanana

**Tanjona 2 : Manafoana ny hanoanana, miantoka ny fanjariantsakafo, manatsara ny fanjariantsakafo, mampiroborobo ny fambolena lovainjafy.**

## Zava-kendrena

**2.1** Mandrapahatongan'ny 2030, foanana ny hanoanana ary atao izay hahatonga ny tsirairay hanana sakafo ampy, arapahasalamana ary mahavoky mandritry ny taona, indrindra ny mahantra sy ny olona marefo, tafiditra anatin'izany ny zazamenavava,

**2.2** Mandrapahatongan'ny 2030, manatsahatra ny endrika rehetra isehoan'ny tsifanjariantsakafo. Ao anatin'izany ny fanantanterahana ny tanjona napetraka eo amin'ny sehatra iraisampirenena mikasika ny fahataran'ny fitombon'ny zaza

**2.3** Mandrapahatongan'ny 2030, mampitombo avo roa heny ny voka-pambolena sy ny fidiram-bolan'ireo tantsaha madinika, indrindra ireo vehivavy, ireo tompontany, ireo fianakaviana tantsaha, ny mpiompy, ny mpanjono. Jerena amin'izany ny hahafahan'izy ireo misitraka mitovy ny fahazoan-tany , ny fampitaovana enti-mamokatra, ny fahalalana, ny tolotra arabola, ny tsena, ny fahafahana manampy sanda ny asany sy ny vokany ankoatra ny asam-pambolena.

**2.4** Mandrapahatongan'ny 2030, manome antoka ny faharetan'ny rafitra mamokatra sakafo sy mampihatra ireo fombampambolena mahatanty voina ka hahafahana mampitombo ny famokarana sy ny vokatra, manome tosika ny fiarovana ny rohivoahary, manamafy ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro sy ny trangana toetry ny andro mahery vaika: ny haitany, ny tondradrano sy ireo karazana loza hafa, ary manatsara tsikelikely ny hatsaran'ny tany sy ny nofontany.

**2.5** Mandrapahatongan'ny 2020, miaro ireo karazana doria voajanahary misy, ny voly, ny biby fiompy sy ireo karazany dia. Ao anatin'izany ny fametrahana ny tahirin-doria sy zavamaniry tsara tantana sy isan-karazany isaky ny firenena, isamparitra ary iraisam-pirenena. Mampiriborobo ny fahazoana tombotsoa avy amin'ny fampiasana ireo loharanonkarena nanahary sy ny fahalalana nenti-paharazana mifandraika aminy ary ny fizarana araka ny rariny sy ny tokony ho izy izany tombotsoa izany araka ny fanapahan-kevitra noraisina teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

**2.a** Mampitombo ny renivola hanamboarana ny fotodrafitrasa ambanivohitra, ho an'ny asa fikarohana, ho fanaparitahana teknikam-pambolena sy fiompiana, sy ho fametrahana matipaika ny teknolojia sy ny tahirina fototarazon- javamaniry sy biby fiompy, hanamafisana ny fahafahan'ireo firenena an-dalam-pandrosoana mamokatra, indrindra ireo firenena tsy dia mandroso, indrindra amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fiarahamiasa iraisam-pirenena.


**2.b** Manitsy sy misoroka ireo tery sy handra ara-barotra eo amin'ny tsenam-pambolena sy fiompiana manerantany. Tafiditra anatin'izany ny fanalana ireo endrika rehetra isehoan'ireo tohana manokana amin'ny fanondranana vokatra arapambolena sy fiompiana sy ireo fepetra rehetra mitovy vokatra amin'izany amin'ny fanondrananentana, araka ny « Cycle de développement de Doha »

**2.c** Mandray sy mampihatra fepetra mampiodina araka ny tokony ho izy ny tsenam-bokatra ara-tsakafo sy ny tsenambokatra sampana, ary manamora ny hahazoana haingana vaovao mikasika ny tsena, ny tahirintsakafo mba hahafahana mametra ny fiovan'ny vidin'entana

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/zero_hunger
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/2
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/hunger/

### Talenta fitrandraka



- Panda Badge: https://www.scout.mg/talenta/international-panda/
- Tia fambolena: https://www.scout.mg/talenta/loup-fambolena/
- Tia fiompiana: https://www.scout.mg/talenta/loup-fiompiana/
- Mpahandro : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpahandro/
- Mpanjono : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanjono/
- Mpihaza : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpihaza/
- Mpiompy : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpiompy/
- Famokarana : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-famokarana/

## ODD 3 - Fisitrahana fahasalamana

Manan-jo hiaina salama avokoa ny olon-drehetra, na iza na iza. Afaka mandray anjara amin'ny fanatanterahana izany koa ise, na amin'ny alalan'ny fanentanana momba ireo ara-pahasalamana, ny fanomezan-drà, na ny fianarana sy fampiharana ireo fihetsika vonjy voina araka izay mety ilàna izany.

**Tanjona 3 : Miantoka ny rehetra hiaina anaty fahasalamana sy mampiroborobo ny hatsarampianana amin'ny vanimpotoana rehetra.**

### Zava-kendrena

**3.1** Mandrapahatongan'ny 2030, ahena ho latsaky ny 70 amin'ny zaza teraka velona 100 000 ny tahan'ny fahafatesan'ny reny manerantany.

**3.2** Mandrapahatongan'ny 2030, manafoana ny fahafatesana azo sorohina ho an'ny zaza vao teraka sy ny latsaky ny 5 taona. Ny firenena rehetra dia tokony hitady ny fomba hampihenana ny fahafatesan'ny zaza eo am-piterahana ho 12 amin'ny zaza teraka velona miisa 1000 , raha be indrindra, ary fehezina ho 25 amin'ny 1000 zaza teraka velona no tahan'ny fahafatesan'ny zaza latsaky ny dimy taona raha be indrindra.

**3.3** Mandrapahatongan'ny 2030, faranana ny fisian'ny aretimifindra SIDA, ny tiberkilaozy/raboka, ny tazo, ny aretin'ny tany mafana tsy misy mpiraharaha tahaka ny hepatita, ny areti-mifindra amin'ny rano sy izay areti-mifindra hafa.

**3.4** Mandrapahatongan'ny 2030, mampihena amin'ny ampahatelony ny taha-pahafatesana aloha loatra, vokatry ny aretina tsy mifindra, amin'ny alalan'ny fisorohana sy ny fitsaboana. Mampiroborobo ny fahasalamana ara-tsaina sy ny hatsarampiainana.

**3.5** Manamafy ny fisorohana sy ny fikarakarana ny fidorohana zavatra mandemy saina tahaka ny zavamahadomelina sy ny toaka.

**3.6** Mandrapahatongan'ny 2020, mampihena amin'ny antsasany ny isan'ny fahafatesana sy ny ratra vokatry ny lozampifamoivoizana manerantany.

**3.7** Mandrapahatongan'ny 2030, mahazo fikarakarana sy fitsaboana mikasika ny fahasalamana ara-pananahana sy arapiterahana ny rehetra. Tafiditra anatin'izany ny fandrindram-piterahana, ny fahazoambaovao sy ny fanabeazana, ary ny fijerena ny lafin'ny fahasalamana ara-piterahana araka ny paikady sy fandaharanasam-pirenena.

**3.8** Atao izay hisitrahan'ny tsirairay ny Tolotra Fahasalamana ho an'ny Daholobe (CSU), izay ahitana aroriaka ara-bola sy ahafahana misitraka fitsaboana fototra tsara, fanafody sy vaksiny fototra azo antoka, mahomby, tsara kalitao, ary takabidy.

**3.9** Mandrapahatongan'ny 2030, ahena mazava ny isan'ny fahafatesana sy ny aretina avy amina singa simika mampididoza, ny loto, ny fahalotoan'ny rivotra sy ny rano ary ny tany.

**3.a** Manamafy araka izay mampety azy ny fampiharan'ny firenena rehetra, ny fifanarahana lasitra avy amin'ny Vondrona iraisam-pirenena ho an'ny Fahasalamana mikasika ny ady amin'ny paraky.

**3.b** Manohana ny asam-pikarohana, ny fanamboarana vaksiny sy fanafody iadiana amin'ny areti-mifindra na tsia, izay mahazo ny mponina amin'ny firenena andalam-pandrosoana indrindra indrindra. Manome fahafahana mahazo fanafody sy vaksiny fototra taka-bidy araka ny Fanambarana natao tany Doha mikasika ny fifanarahana momba ny ADPIC sy ny fahasalamambahoaka izay mampatsiahy ny zon'ny firenena an-dalam-pandrosoana hiaro ny fahasalamambahoaka, indrindra ny fahazoan'ny rehetra fanafody sy misitraka feno ny voalazan'ny fifanarahana mikasika ny ADPIC izay ahitana fanamorana mikasika izay.

**3.c** Ampitomboina betsaka kokoa ny tetibola ho an'ny fahasalamana, ny fampidirana mpiasa vaovao, ny fanatsarana ny asa, ny fiofanana, sy ho an'ny fitazomana ny mpiasan'ny fahasalamana amin'ny asany any amin'ny firenena an-dalampandrosoana.

**3.d** Manamafy ny fomba ahafahan'ny firenena indrindra ny firenena an-dalam-pandrosoana, manaitra raha misy loza, mampihena amban-doza, mitantana ny loza manambana isaky ny firenena sy iraisam-pirenena amin'ny sehatry ny fahasalamana

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/good_health_and_wellbeing
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/3
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/health/

### Talenta fitrandraka




- Diorano Wash : https://www.scout.mg/talenta/international-wash/
- Tia fahadiovana : https://www.scout.mg/talenta/loup-fahadiovana/
- Tia fanatan-jahan-tena: https://www.scout.mg/talenta/loup-fanatanjahan-tena/
- Fanatanjahan-tena : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-fanatanjahan-tena/
- Mpamonjy voina : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpamonjy-voina/
- Mpanoro hevitra : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanoro-hevitra/
- Mpiady @ zava-mahadomelina: https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpiady-zava-mahadomelina/
- Mpitsabo sy mpamonjy voina: https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-mpamonjy-voina/
- Firotsahana fahasalamana : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpihary-fahasalamana/

## ODD 4 - Fanabeazana tsara kalitao

Manan-jo hahazo fanabeazana tsara avokoa ny rehetra, satria zava-dehibe indrindra hiatrehana ny ho avy rahatrizay ny fahazoana fanabeazana tsara kalitao, na any an-tsekoly na ivelan'ny sekoly, isan'izany ny skotisma.

**Tanjona 4 : Miantoka ny fahazoan'ny rehetra fanabeazana tsara kalitao, amin'ny fomba sahala sy mampiroborobo ny fahafahana mianatra mandritry ny fiainana.**

### Zava-kendrena

**4.1** Mandrapahatongan'ny 2030, manaraka ny zotram-pibeazana feno sy maimaim-poana ary tsara kalitao amin'ny ambaratonga voalohany sy faharoa ny ankizilahy sy ankizivavy, atao izay hisitrahany izy ireo an' izany amin'ny fomba sahala hahatonga azy handrato fahalalalana sy fahaizana tena ilaina .

**4.2** Mandrapahatongan'ny 2030, atao izay hisitrahan'ny ankizivavy sy ny ankizilahy sahanasa famohazan-tsaina, sy fandraisana an-tanana ny vanimpotoanan'ny fahazazana ary indrindra fanomezana azy fanabeazana tsara kalitao mialoha mba hahafahany miatrika ny fianarana any amin'ny ambaratonga fototra.

**4.3** Mandrapahatongan'ny 2030, atao izay hisitrahan'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny fomba sahala, fampianarana teknika, arak'asa, izay tsara kalitao sy taka-bidy , tafiditra amin'izany ny fandratoam-pianarana eny amin'ny anjerimanontolo/oniversite.

**4.4** Mandrapahatongan'ny 2030, ampitomboina marobe ny isan'ny tanora sy olondehibe manana fahaizana, indrindra fahaizana ara-teknika sy arak'asa, ilaina amin'ny tsenan'ny asa sy amin'ny fahazoana asa mendrika ary amin'ny fandraharahana.

**4.5** Mandrapahatongan'ny 2030, manafoana ireo tsy fitoviana eo amin'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny sehatry ny fanabeazana ary miantoka ny fahazoan'ny olona marefo, indrindra ny olona manana fahasembanana, ny teratany, ny ankizy anaty fahasahiranana misitraka ireo ambaratongam-pampianarana sy fampiofanana arak'asa.

**4.6** Mandrapahatongan'ny 2030, atao izay hahaizan'ny tanora rehetra sy olondehibe maro, lahy sy vavy, mahay mamaky teny sy manoratra ary mikajy.

**4.7** Mandrapahatongan'ny 2030, atao izay hananan'ny mpianatra rehetra fahalalana sy fahaizana ilaina hampiroboroboana ny fandrosoana lovainjafy: indrindra ny fanabeazana manome lanja ny fandrosoana sy fomba fiaina lovainjafy, ny zon'ny olombelona, ny fitovian'ny vavy sy ny lahy, ny fampiroboroboana ny kolontsain'ny fandriampahalemana sy ny fanalavirana ny herisetra, ny maha olon'izao tontolo izao, ny fahitana ny lafin'ny tsara amin'ny fahasamihafana ara-kolontsaina, ary ny anjarabiriky ny kolontsaina amin'ny fandrosoana lovainjafy.

**4.a** Manorina toeram-pianarana mifanaraka amin’ny ankizy, ny olona manana fahasembanana, mety amin’ny lahy sy ny vavy na atao izay hanajariana ireo toeram-pianarana misy ho tahaka izany, manome seha-pampianarana mahefa sy azo antoka, lavitry ny herisetra ary ho an’ny rehetra.

**4.b** Mandrapahatongan’ny 2020, manerantany, ampitomboina betsaka ny isan’ny vatsimpianarana omena ny firenena andalam-pandrosoana, indrindra ireo firenena tsy dia mandroso sy ireo fanjakana nosy an-dalam-pandrosoana, ireo firenena aty Afrika, hanohanana ara-bola ny fanarahana ny fianarana ambony, tafiditra anatin’izany ny fiofanana informatika, teknika, siantifika, ny fandalinam-pahaizana ho injeniera any amin’ny firenena mandroso sy ireo firenena hafa an-dalam-pandrosoana

**4.c** Mandrapahatongan’ny 2020, atao izay hahamaro an’isa ny mpampianatra matihanina, amin’ny alalan’ny fiarahamiasa iraisam-pirenena mikasika ny fanofanana mpampianatra amin’ny firenena an-dalam-pandrosoana, indrindra ho an’ny firenena tsy dia mandroso, sy ny firenena nosy kely an-dalam-pandrosoana.

## Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/quality_education
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/4
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/hunger/

## Talenta fitrandraka

*(Ny antom-pisian’ny fanabeazana Tily manontolo dia fandraisana anjara amin’ny ODD 4)*




- Mpanolotsaina : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanolotsaina/
- Firotsahana Ady amin'ny habadoana (Alphabetisation) : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpihary-alphabetisation/
- Firotsahana mpanentana maha-olom-pirenena vanona (civisme) : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpihary-civisme/

## ODD 5 - Miralenta




Mitovy avokoa ny olombelona rehetra eo am-pahaterahany, na lahy na vavy. Manana andraikitra koa ise hitarika ny fiaraha-monina hanome sehatra sy anjara mitovy ny olona rehetra na lahy na vavy.

**Tanjona 5 : Tratrarina ny fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy ary atao izay hahavitantenan'ny vehivavy sy ny ankizivavy.**

### Zava-kendrena

**5.1** Faranana ny fanavakavahana atao amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy, amin'ny endriny rehetra manerantany.

**5.2** Fongorina eo amin'ny fiainam-piarahamonina sy ny fiainana manokana ny endrika herisetra rehetra atao amin'ny vehivavy sy ny ankizivavy, anisan'izany ny famarotana sy ny fanararaotana ara-nofo ary ireo karazana fanararaotana hafa.

**5.3** Foanana ireo fomba rehetra manimba tahaka ny fanambadian'ny ankizy, ny fanambadiana aloha loatra na ankaterena sy ny famorana ny vehivavy.

**5.4** Manome toerana ny fikarakarana sy ny raharaha an-tokantrano tsy andraisam-bola ary manome lanja izany amin'ny alalan'ny anjarabirikin'ny fikarakarana ny daholobe, ny fotodrafitrasa, ny politikan'ny fiahiana ara-tsosialy, ny fampiroboroboana ny fizarana asa sy andraikitra ao an-tokantrano sy anaty fianakaviana, araka ny toejavatra isampirenena.

**5.5** Miantoka ny fandraisana anjara feno sy mahefa ny vehivavy sy ny fahafahany miasa amin'ny sehatry ny fitantanana, amin'ny fomba sahala, na inona na inona dingam-pandraisam-panapahankevitra, na ara-politika na ara-toekarena, na ara-piarahamonina.

**5.6** Miantoka ny fahazoan'ny rehetra fikarakarana ara-pahasalamana ara-pananahana sy ara-piterahana. Atao izay hahafahan'ny tsirairay mampihatra ny zony mikasika ny fiterahana, araka ny fanapahankevitra tamin'ny Fandaharanasa noraisina tamin'ny fihaonambe iraisam-pirenena mikasika ny mponina sy ny fampandrosoana sy ny Fandaharanasan'i Beijing ary ireo antontantaratasy farany mikasika ireo fihaonambe fijerena ifotony ny zava-misy taorian'izay.

**5.a** Manatanteraka fanavaozana hahafahan'ny vehivavy manana zo mitovy amin'ny lehilahy amin'ny fisitrahana fampitaovana ara-pihariana, tahaka ny fananan-tany sy ny fahefana amin'ny tany sy ireo karazana faripananana, tolotra ara-bola, lova, loharanonkarena voajanahary, manaja ny lalana mihatra eo amin'ny firenena.

**5.b** Manamafy ny fampiasana ny haitao tsy azo idivirana, indrindra ny informatika sy ny serasera mba hampiroborobo ny fahavitantenan'ny vehivavy.

**5.c** Mampihatra politika tsara rafitra sy fepetra araka ny lalana azo ampiharina ho fampiroboroboana ny fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy sy ny fahavitantenan'ny vehivavy sy ny ankizivavy rehetra na inona na inona sehatra ary manamafy ny rafitra efa misy mikendry izany.

## Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/gender_equality
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/5
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/gender-equality/

## Talenta fitrandraka




- Tia koja an-trano: https://www.scout.mg/talenta/loup-kojan-trano/
- Mpitaiza zaza : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpitaiza-zaza/

# ODD 6 - Rano madio, fidiovana sy fanadiovana

Mbola tsy mahazo rano fisotro madio ny antsasamanilan'ny mponina ary mbola olona roa amin'ny dimy no mangery ankalamanjana eto Madagasikara[1]. Mety hanavotra ain'olona an-tapitrisany isan-taona ny asa firotsahana ataon'ise manampy ahazoana rano fisotro madio sy fidiovana (lava-piringa, fanasana tanana, …). Satria mandray anjara miaro amin'ny aretim-pivalanana sy fiparitahan'ny otrikaretina maro izany.

**Tanjona 6 : Miantoka ny fahazoan'ny rehetra rano, fanadiovana sy miantoka ny fitantanana maharitra ny loharanonkarena mikasika ny rano.**

### Zava-kendrena

**6.1** Mandrapahatongan'ny 2030, miantoka ny fahazoan'ny rehetra tsy ankanavaka rano fisotro madio taka-bidy.

**6.2** Mandrapahatongan'ny 2030, miantoka ny fahazoan'ny rehetra amin'ny fomba tsy mitanila asa fanadiovana sy fidiovana mifanaraka amin'ny tokony ho izy, manafoana ny fangerena ankalamanjana ary mijery manokana ny filan'ny vehivavy sy ny ankizivavy ary ny olona marefo mifanaraka amin'izany.

**6.3** Mandrapahatongan'ny 2030, manatsara ny kalitaon'ny rano amin'ny alalan'ny fampihenana ny loto, ny fanafoanana ny fandevenana ny fako, ny fampihenana ho kely indrindra ny fanelezana vokatra simika sy singa mampididoza, ny fampihenana amin'ny antsasany ny ampahan-drano maloto tsy voadio, ary eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny fampiakarana bebe kokoa ny famadihana ny fako sy ny fampiasana azy indray tsy misy poizina ho an'ny rano.

**6.4** Mandrapahatongan'ny 2030, ampitomboina bebe kokoa ny fampiasana voalanjalanja ny loharanonkarena mikasika ny rano amin'ny sehatra rehetra ary ny fampaharetan'ny fisintonana sy ny famatsiana ranomamy mba hisorohana ny fahalanian'ny rano sy hampihenana ny isan'ny olona mijaly vokatry ny tsy fisian-drano.

**6.5** Mandrapahatongan'ny 2030, manatanteraka ny fitantanana ny loharanonkarena momba ny rano iarahan'ny rehetra miombonantoka, amin'ny sehatra rehetra, ao anatin'izany ny fiarahamiasa amin'ny sisintany araka izay mahamety azy.

**6.6** Mandrapahatongan'ny 2030, miaro sy mamerina amin'ny laoniny ny rohivoahary mifandraika amin'ny rano, anisan'izany ny tendrombohitra, ny ala, ny faritra mando, ny renirano, ny toerana manangon-drano sy ny farihy.

**6.a** Mandrapahatongan'ny 2030, mametraka fiarahamiasa iraisam-pirenena sy fanohanana amin'ny fanamafisana fahaizamanaon'ny firenena an-dalam-pandrosoana mikasika ny sahanasa sy fandaharanasa mifandraika amin'ny rano, ny fanadiovana, ao anatin'izany ny fanangonan-drano, ny fanalana ny sira amin'ny rano, ny fampiasana voalanjalanja ny rano, ny fikarakarana ny rano maloto, ny fanodinana fako sy ireo paika hampiasaina azy indray.

---

[1] UNICEF. Enquête nationale sur la situation socio-démographique des ménages (MICS). 2018 https://www.unicef.org/madagascar/mics2018

**6.b** Manohana sy manamafy ny fandraisananjaran'ny mponina ifotony amin'ny fanatsarana ny fitantanana ny rano sy ny fanadiovana.

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/clean_water_and_sanitation
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/6
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/water-and-sanitation/

### Talenta fitrandraka




- Tide Plastic Turner:https://www.scout.mg/talenta/international-plastic/
- Diorano Wash:https://www.scout.mg/talenta/international-wash/
- Mpahay simia : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpahay-simia/
- Firotsahana Mpiaro ny tontolo iainana : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpihary-tontolo-iainana/

## ODD 7 - Angovo madio sy moravidy




Mbola marobe ny olona no tsy mahazo herinaratra ary maro koa no mbola voatery mampiasa angovo mampidi-doza ho an'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana, toy ny arina, ka mahamaro ireo tratran'ny aretin'ny taovam-pisefoana[2]. Inona no afaka ataon'ise mba hanampy ny eo amin'ny fiaraha-monina an'ise hahazo sy hampiasa angovo mora sy madio ?

**Tanjona 7 : Miantoka ny fisitrahan'ny rehetra tolotra fampiasana angovo azo itokiana, maharitra, vao sy taka-bidy.**

### Zava-kendrena

**7.1** Mandrapahatongan'ny 2030, miantoka ny fahazoan'ny rehetra tolotra fampiasana angovo azo antoka, vaovao, sy takabidy.

**7.2** Mandrapahatongan'ny 2030, ampitomboina mazava ny ampahan'ny angovo azo havaozina amin'ny tolotra angovo manerantany.

**7.3** Mandrapahatongan'ny 2030, ampitomboina avo roa heny ny tahan'ny fanatsarana ny fahombiazan'ny fitantanana ny angovo manerantany.

**7.a** Mandrapahatongan'ny 2030, manamafy ny fiarahamiasa iraisam-pirenena mba hanamorana ny fahazoana ireo fikarohana sy haitao mikasika ny angovo madio, indrindra ny angovo azo havaozina, ny fahombiazan'ny fitantanana ny angovo, ny haitao vaovao mikasika ny fandrehitra sisan-karingarina madio. Mampiroborobo ny fampiasambola ho an'ny fotodrafitra mamokatra angovo sy ny haitao mikasika ny angovo madio.
**7.b** Mandrapahatongan'ny 2030, mamorona fotodrafitrasa sy manatsara ny haitao mba hamatsiana tolotra angovo vaovao sy maharitra ho an'ny mponina amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana, indrindra ireo firenena tsy dia mandroso, ny firenena nosy kely an-dalam-pandrosoana sy ny firenena an-dalam-pandrosoana tsy manana sisintany, am-panajana ny fandaharanasa tantsoroka mikasika azy.

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/affordable_and_clean_energy
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/7
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/energy/

### Talenta fitrandraka





- Go Solar: https://www.scout.mg/talenta/international-solar/
- Herimbaratra : https://www.scout.mg/talenta/maitso-herimbaratra/

[2] UNICEF. Les problèmes de la pollution et son impact sur les enfants au cœur des débats. 2019. https://www.unicef.org/madagascar/communiqu%C3%A9s-de-presse/les-probl%C3%A8mes-de-la-pollution-et-son-impact-sur-les-enfants-au-c%C5%93ur-des

## ODD 8 - Asa mendrika sy fitomboan'ny harinkarena

Ny fahatratrarana ity Tanjona faha-8 ity dia midika ho fandraisana anjara amin’ny famoronana asa mendrika ho an’ny tsirairay, fanomezana ny tanora ireo fahaiza-manao ho ilainy rehefa hiditra amin’ny tontolon’ny asa, ary fiarovana amin’ny fampiasana ankizy.

**anjona 8 : Mampiroborobo ny fitomboan’ny harikarena, ifampizarana sy lovainjafy sy ny fisian’ny asa mamokatra ho an’ny rehetra sy ny asa mendrika ho an’ny rehetra**

### Zava-kendrena

**8.1** Mitazona ny tahan’ny fitomboan’ny harinkarena isambatanolona hifanaraka amin’ny zava-misy isam-pirenena, ka ho 7% raha kely ny tahan’ny fitomboan’ny harinkarena faobe isantaona any amin’ny firenena tsy dia mandroso.

**8.2** Atao izay hahatonga amin’ny sehatra avo ny famokarana ara-toekarena amin’ny alalan’ny seha-pihariana isan-karazany, ny fanavaozana ny haitao, ny haivao, indrindra amin’ny fametrahana sehatra ambony sanda sy maro ny olona afaka miasa ao.

**8.3** Mampiroborobo politika mifantoka amin’ny fampandrosoana izay manome toerana ny asa famokarana, ny famoronana asa mendrika, ny fandraharaharana, ny famoronana, ny haivao, ka manosika ny fivoaran’ireo orinasa bitika sy madinika sy manamora ny fidirana amin’ny sehatra manaraka fenitra, tafiditra anatin’izany ny fisitrahana tolotra ara-bola.

**8.4** Manatsara tsikelikely mandrapahatongan’ny 2030, ny fahaizana mampiasa ny loharanonkarena manerantany na amin’ny fanjifana na amin’ny famokarana ary miezaka mba tsy hitarika fahasimban’ny tontolo iainana ny fitomboan’ny harinkarena, araka ny voasoritra ao amin’ny drafitra folotaona mametra ny fandaharanasa mikasika ny fanjifana sy ny famokarana lovainjafy, ka ny firenena mandroso no manome ohatra amin’izany.

**8.5** Mandrapahatongan’ny 2030, atao izay hahatongavana amin’ny asa feno mamokatra sy miantoka asa mendrika sy karama mitovy ho an’ny vehivavy sy ny lehilahy raha asa mitovy no ataony, voakasik’izany ny tanora sy ny olona manana fahasembanana.

**8.6** Mandrapahatongan’ny 2030, mampihena betsaka ny ampahan’ny tanora tsy mandeha mianatra, tsy an’asa sy tsy manana fiofanana.

**8.7** Maka fepetra haingana sy mahomby hanafoanana ny asa anterivozona, manafoana ny fanandevozana vaovao sy ny famarotana olona, mandrara sy mamongotra ny endrika ratsy rehetra isehoan’ny asan’ny ankizy, anisan’izany ny fandraisana sy fampiasana ny ankizy ho miaramila. Mandrapahatongan’ny 2025, manafoana ny asan’ny ankizy amin’ny endriny rehetra.

**8.8** Miaro ny zon’ny mpiasa, mampiroborobo ny fiarovana amin’ny toeram-piasana ary miantoka ny fiarovana ny mpiasa anisan’izany ireo mpifindra monina, indrindra ny vehivavy sy ireo izay manana asa tsizarizary.

**8.9** Mandrapahatongan'ny 2030, mandrafitra sy manatanteraka politika mikendry ny fampiroboroboana ny fizahantany lovainjafy izay mamorona asa sy manome lanja ny kolontsaina sy ny vokatra ifotony.

**8.10** Manamafy ny fahaizamanaon'ireo vondrona ara-bola isam-pirenena hanome lanja sy hanokatra ny tolotra banky sy arabola ary ny fiantohana ho an'ny rehetra.

**8.a** Mampitombo ny tohana omena araka ny lasitry ny hetsika tantsoroka ho an'ny varotra amin'ny firenena an-dalampandrosoana sy ireo firenena tsy dia mandroso, amin'ny alalan'ny « lasitra mifaningotra» (cadre intégré) namafisina ho an'ny tantsoroka ara-teknika, mifandray amin'ny varotra manome vahana ny firenena an-dalam-pandrosoana.

**8.b** Mandrapahatongan'ny 2020, mandrafitra sy manantanteraka ny paikady iraisam-pirenena mikasika ny asan'ny tanora sy mampihatra ny fifanarahana iraisam-pirenena ho an'ny asa napetraky ny vondrona iraisam-pirenena ho an'ny asa.

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/decent_work_and_economic_growth
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/8
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/economic-growth/

### Talenta fitrandraka



- Mekanika : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mekanika/
- Mpahay taotrano : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpahay-taotrano/
- Mpaka sary : https://www.scout.mg/talenta/maitso-photographe/
- Mpanao petakofehy : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanao-petakofehy/
- Mpandrafitra : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpandrafitra/
- Mpandrary : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpandrary/
- Mpanefy : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanefy/
- Mpanenona : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanenona/
- Mpanety : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanety/
- Mpanjaitra : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanjaitra/
- Mpikojakoja : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpikojakoja/
- Mpiompy : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpiompy/
- Mpisokitra : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpisokitra/
- Famokarana : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-famokarana/
- Taozavatra : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-taozavatra/
- Teknolojia sy teknika : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-teknolojia-teknika/

## ODD 9 - Indostria, haivao, fotodrafitrasa




Mivoatra foana ny teknolojia, ary miha-manan-danja foana ny koa ny fampiasana ny angovo azo avaozina. Teo am-pamoronana ny skotisma i BiPi dia efa nanome lanja ny saina tia karokaroka sy ny tokony hahafehezan'ny skoto ny teknolojia amin'ny androny ka nahatonga antsika nifehy sahady ny morse (teknolojia hiaka farany tamin'izany)[3].

Izany rehetra izany no tokony haha-lohalaharana an'ise amin'ny fikarohana zava-baovao foana hahatonga ny fiaraha-monina ho tsara kokoa sy sahaza ny rehetra hatrany, indrindra ho an'ny zaza amam-behivavy sy ny olona manana fahasembanana.

**Tanjona 9 : Mipetraka ny fotodrafitrasa mafy orina, miroborobo ny indostria/asavaventy lovainjafy, ampirisihana ny haivao ahazoan'ny rehetra tombony**

### Zava-kendrena

**9.1** Mametraka fotodrafitrasa tsara, azo itokiana, maharitra, mahatanty voina, anisan'izany ireo fotodrafitrasa isam-paritra sy mivoaka ny sisintany mba hampiroboroboana ny fandrosoana ara-toekarena, ny fahatsarampiainan'ny olombelona, amin'ny fijerena ny fahafahan'ny rehetra misitraka izany, taka-bidy amin'ny fepetra tsy mitanila.

**9.2** Mampiroborobo ny fametrahana asavaventy manome tombony ho an'ny rehetra, mandrapahatongan'ny 2030. Ampitomboina mazava ny anjarabirikin'ny asavaventy amin'ny fampanananasa sy ny harinkarena faobe, arakaraka ny zava-misy isaky ny firenena, ary ampitomboina avo roa heny izany ho an'ny firenena tsy dia mandroso.

**9.3** Mampitombo ny fisitrahan'ny orinasa amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana, indrindra ny orinasa madinika manao asavaventy tolotra ara-bola, anisan'izany ny fahazoana fampindramambola amina fepetra mety aminy, ny fidirana anaty rojompihariana sy tsena.

**9.4** Mandrapahatongan'ny 2030, manavao fotodrafitrasa, mampifanaraka ny asavaventy mba ho lovainjafy amin'ny alalan'ny fampiasana voalanjalanja ny loharanonkarena , ny fampiasana bebe kokoa ny teknolojia, sy ny fomba indostrialy madio sy manaja ny tontolo iainana. Manao araka izay vitany ny firenena tsirairay.

**9.5** Manamafy ny fikarohana siantifika, manatsara ny fahafahana ara-teknolojika amin'ny sehatra indostrialy amin'ny firenena rehetra, indrindra fa ny firenena an-dalam-pandrosoana amin'ny alalan'ny fampirisihana ny haivao sy ny fampitomboana betsaka ny isan'ny olona miasa amin'ny sehatry ny fikarohana sy fandrosoana ho an'ny mponina 1 tapitrisa ary ny fampitomboana ny volam-panjakana sy volan'ny sehatra tsy miankina atokana ho an'ny fikarohana sy fandrosoana mandrapahatongan'ny 2030.

**9.a** Manamora ny fametrahana fotodrafitrasa maharitra sy tsara orina any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana amin'ny fanamafisana ny tohana ara-bola, ara-teknolojia, ara-teknika

[3] Boy Scouts of America. Signaling, Historical merit badge program. 2010. https://filestore.scouting.org/filestore/pdf/historic_signaling_new.pdf

omena ny firenena afrikanina, ny firenena tsy dia mandroso, ny firenena an-dalam-pandrosoana tsy misy sisintany ary ny firenena nosy kely an-dalam-pandrosoana.

**9.b** Manohana ny fikarohana-fandrosoana, ny haivao teknolojika nasionaly amin'ny firenena an-dalampandrosoana, indrindra amin'ny fametrahana fepetra mety amin'ny fampisamihafana ara-indostrialy ny ny fanampiana sanda ny entambarotra.

**9.c** Mampitombo ny fisitrahana ny teknolojian'ny filazambaovao sy ny serasera ary atao izay hahafahan'ny mponina any amin'ny firenena tsy dia mandrosoa mampiasa internet taka-bidy mandrapahatongan' ny 2020.

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/industry_innovation_and_infrastructure
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/9
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/infrastructure/

### Talenta fitrandraka

- Tia asa tanana: https://www.scout.mg/talenta/loup-asa-tanana/
- Informatika : https://www.scout.mg/talenta/maitso-informatika/
- Taozavatra : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-taozavatra/
- Teknolojia sy teknika : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-teknolojia-teknika/

## ODD 10 - Mihena ny tsy fitoviana

Mendrika hanana anjara mitovy ny olon-drehetra, ho afaka hiaina am-pifaliana, hanana fahasalamana ary hanana ho avy mamiratra. Mbola misy foana nefa ny tsy fitoviana na amin'ny saranga, na amin'ny mponina an-drenivohitra sy ambanivohitra, na amin'ny lahy sy vavy, na amin'ny fananana fahasembanana.

Manana andraikitra isika mba hanana haja sy zo mitovy avokoa ny rehetra amin'ny manodidina antsika.

**Tanjona 10 : Mampihena ny elanelana ao anaty firenena sy amin'ny samy firenena.**

### Zava-kendrena

**10.1** Mandrapahatongan'ny 2030, atao izay hahatonga ny vola miditra amin'ireo 40% amin'ny mponina tena mahantra hiakatra haingana kokoa noho ny harinkarem-pirenena salantsalany amin'ny fomba maharitra, amin'ny alalan'ireo fanatsarana atao tsikelikely.

**10.2** Mandrapahatongan' ny 2030, atao izay hahavitantenan'ny olona rehetra sy manome vahana ny fampiatiana azy arapiarahamonina, ara-toekarena ary ara-politika, tsy ankijery ny taonany, ny maha-lehilahy sy maha-vehivavy azy, ny fahasembanany, ny karazany, ny fokony, ny fiaviany, ny finoany na ny sata ara-toekareny, na izay hafa koa.

**10.3** Miantoka ny fitovian'ny vintana sy mampihena ny tsy fitovian'ny vokatra, amin'ny alalan'ny famongorana lalàna, politika, fomba manavakavaka sy ny fampiroboroboana ny fandaniana lalana, politika sy fepetra mifanaraka amin'izany.

**10.4** Mandany politikam-panjakana, indrindra ireo mikasika ny fandrafetana ny teti-bola , ny tambinkarama sy amin'ny sehatry ny fiahiana ara – tsosialy, sy manao izay azo atao mba hahatongavana tsikelikely amina fitoviana bebe kokoa.

**10.5** Manatsara ny fehezandalana sy ny fanarahamaso ny andrimpanjakana ary ny tsenam-bola iraisam-pirenena sy manamafy ny fampiarana ny fitsipika fifampifehezana.

**10.6** Atao izay hahatongan'ny firenena an-dalam-pandrosoana ho voasolontena bebe kokoa sy heno kokoa rehefa misy fanapahankevitra eny amin'ny rafitra ara-toekarena sy ara-bola iraisam-pirenena, mba hahomby kokoa, eken'ny rehetra, mangarahara amin'ny asa ary mahazo ny rariny izy ireo.

**10.7** Manamora ny fivezivezena sy ny fifindramonina mirindra, tsy iaran-doza, isam-banimpotoana, voalanjalanja, indrindra amin'ny fanatanterahana politikan'ny fifindramonina voalamina sy tsara tantana.

**10.a** Mampiatra fitsipika mikasika ny fikarakarana manokana sy samy hafa ho an'ny firenena an-dalam-pandrosoana, indrindra ny firenena tsy dia mandroso, mifanaraka amin'ny fifanarahana napetraky ny Vondrona iraisam-pirenena mikasika ny varotra.

**10.b** Manetsika ny fanampiana ny firenena an-dalam-pandrosoana, ny fampiroborobona ny ara-bola anisan'izany ny fampiasambola vahiny mivantana, mba ho an'ny firenena izay tena mila izany, indrindra ny firenena tsy dia mandroso, ny firenena aty Afrika, ny firenena nosy kely an-dalam-pandrosoana sy ny firenena an-dalam-pandrosoana tsy misy sisintany, mifanaraka amin'ny lamina sy fandaharanasam-pirenena.

**10.c** Mandrapahatongan' ny 2030, mampihena ho latsaky ny 3% ny sandan'ny takalo fandefasana vola ataon'ny mpifindramonina ary manafoana ireo fomba fandefasana vola mihoatra ny 5% ny sandany.

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/fr/taxonomy/term/93671
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/10
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/inequality/

### Talenta fitrandraka




- Firotsahana ady amin'ny habadoana (Alphabetisation) : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpihary-alphabetisation/

## ODD 11 - Tanàna sy fokonolona lovainjafy

Ahoana no hahatonga ny tanànantsika ho mitsinjo ny ho avy. misokatra ho an'ny rehetra ary azo antoka kokoa, indrindra ho an'ny zaza amam-behivavy sy ny olona manana fahasembanana. Manana andraikitra avokoa ny tsirairay hikolokolo sy hanatsara ny tanàna misy azy.

**Tanjona 11 : Atao izay hisian'ny tanandehibe sy ny trano ivoaran'ny mahaolona, ho an'ny rehetra, ho azo antoka, hatanty voina, ary mateza.**

### Zava-kendrena

**11.1** Mandrapahatongan'ny 2030, miantoka ny fahafahan'ny rehetra mahazo trano fonenana sy fikarakarana fototra mifanaraka amin'ny ilainy sy azo antoka, taka-bidy sy manadio ireo tanana feno trano tsy manara-penitra.

**11.2** Mandrapahatongan'ny 2030, miantoka ny fisitrahan'ny rehetra ny rafi-pitaterana azo antoka, azo ampiasaina, mateza, taka-bidy amin'ny alalan'ny fanatsarana ny arolozan'ny fifamoivoizana, indrindra amin'ny fampivoarana ny fitaterambahoaka. Jerena manokana ny momba ny olona anaty faharefoana, ny vehivavy, ny ankizy, ny olona manana fahasembanana, ny beantitra

**11.3** Mandrapahatongan' ny 2030, manamafy ny fampivoarana ny tanandehibe ho an'ny rehetra sy ny fahaizamanao handamina sy hitantana miaraka sy mifaningotra ary mateza ny toerana ivelaran'ny mahaolona amin'ny firenena rehetra.

**11.4** Manamafy ny ezaka fiahina sy fiarovana ny harembakoka ara-kolontsaina sy ara-boajanahary iraisam-pirenena.

**11.5** Mandrapahatongan' ny 2030, mampihena betsaka ny isan'ny olona maty sy ny isan'ny olona iharan'ny loza, indrindra ny vokatry ny rano. Mampihena betsaka ny sanda ara-toekarena ny fahasimbana vokatry ny loza mivantana, izay refesina amin'ny fampitahana amin'ny harinkarena faobe manerantany. Tsindriana manokana ny momba ny fiahiana ny olona mahantra sy ny olona anaty ny faharefoana.

**11.6** Mandrapahatongan'ny 2030, mampihena ny vokadratsin'ny tanandehibe eo amin'ny tontolo iainana isam-batanolona, anatin'izany ny fijerena manokana ny kalitaon'ny rivotra, ny fitantanana ny fako indrindra ny fitantanan'ny kaomina izany.

**11.7** Mandrapahatongan'ny 2030, miantoka ny fisitrahan'ny rehetra, indrindra ny vehivavy, ny ankizy, ny beantitra sy ny olona manana fahasembanana, kianja maitso sy toerana ho an'ny daholobe azo antoka.

**11.a** Manome vahana ny fametrahana rohy miabo ara-toekarena, ara-tsosialy, mikasika ny tontolo iainana eo amin'ny samy toerana an-tanandehibe, manodidina ny tanandehibe sy ambanivohitra amin'ny alalan'ny fanamafisana ny tetipivoaran'ny fampandrosoana eo amin'ny ambaratonga nasionaly sy isam-paritra.

**11.b** Mandrapahatongan' ny 2020, mampitombo betsaka ny isan'ny tanandehibe sy ny toerana ivoaran'ny mahaolona izay manana sy mampihatra politika sy drafitrasa mifaningotra ho fampiatina ny rehetra, ho fampiasana voalanjalanja ny loharanonkarena, ho fiatrehana sy ho fanalefahana ny fiovan'ny toetrandro, ary ny fahafahana miatrika loza.

Mamolavola sy manatanteraka ny fitantanana faobe ny tandidon-doza amin'ny ambaratonga rehetra, araka ny lasitra napetraka tany Sendai mikasika ny fanalefahana ny tandindon-doza.

**11.c** Manampy ny firenena tsy dia mandroso amin'ny alalan'ny tantsoroka ara-bola sy ara-teknika, hanambotra trano mateza sy mahatanty voina amin'ny fampiasana akora eo an-toerana.

## Hitrandraka misimisy kokoa

- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/11
- https://sdgs.scout.org/fr/taxonomy/term/93676
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/cities/

## Talenta fitrandraka



- Mpahay taotrano : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpahay-taotrano/
- Mpilasy : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpilasy/
- Mpitari-dalana : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpitari-dalana/
- Mpanentana sy mpitantana :
  https://www.scout.mg/talenta/mena-mpiatrika-mpanentana-mpitantana/

## ODD 12 - Fanjifana sy famokarana voalanjalanja

Mamokatra foana isika olombelona : na rano, na sakafo, na angovo. Ary rehefa manjifa dia mamokatra fako ihany koa. Mba hahatratrarantsika ny ODD 12 dia mila miezaka isika tsirairay hampihena ny fampiasana plastika, indrindra mifady ireny fitaovana plastika fanary ireny, miezaka manodina fako sy mamerina mampiasa izay fitaovana mbola azo trandrahina.

**Tanjona 12 : Mametraka fomba fanjifana sy famokarana mitsinjo ny ampitso.**

### Zava-kendrena

**12.1** Manatanteraka ny lasitra folo taona handaharanasa mikasika ny fomba fanjifana sy famokarana mateza andraisan'ny firenena rehetra anjara, ka ireo firenena mandroso no ohatra, noho ny dingam-pandrosoany sy ny fahaizamanaon'ny firenena an-dalam-pandrosoana.

**12.2** Mandrapahatongan' ny 2030, manatratra ny fitantanana mitsinjo ny ampitso sy ny fampiasana voalanjalanja ny loharanonkarena voajanahary.

**12.3** Mandrapahatongan'ny 2030, mampihena amin'ny antsasany ny hadirin'ny fakon-tsakafo isam-batanolona manerantany eo amin'ny famokarana tahaka ny eo amin'ny fanjifana. Mampihena ny fahaverezan'ny vokatra ara-tsakafo mandritry ny rojom-pamokarana, fanangonam-bokatra, anatin'izany ny vokatra very aorian'ny fijinjana.

**12.4** Mandrapahatongan' ny 2020, mamerina ny fitantanana ny vokatra simika sy ny fako rehetra mandritry ny fiainana hitsinjo ny tontolo iainana sy ho voalanjalanja, araka ny fitsipika mitarika izay tapaka teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Mampihena betsaka ny fanariana vokatra simika sy fako amin'ny rivotra, ny rano sy amin'ny tany mba hahakely ny vokadratsy amin'ny fahasalamana sy ny tontolo iainana.

**12.5** Mandrapahatongan' ny 2030, ahena betsaka ny famokarana fako amin'ny alalan'ny fisorohana, fampihenana, fanodinana vokatra ho vaovao sy famerenana mampiasa ny vokatra.

**12.6** Mampirisika ny orinasa, indrindra ireo orinasa lehibe sy misehaka firenena maro, hampihatra fomba maharitra sy hampiditra anatin'ny tatitra ataony ny mikasika ny fampaharetan'ny asa ataony.

**12.7** Mampiroborobo ny fomba mitsinjo ny ampitso ao anatin'ny fanomezana tsenambaro-panjakana, araka ny politika sy ny laharam-pahamehan'ny firenena.

**12.8** Mandrapahatongan' ny 2030, atao izay hahatonga ny olona manerantany hanana vaovao sy fahalalana ilainy ho fandrosoana lovainjafy sy ilainy amin'ny fomba fiaina mirindra amin'ny zavaboahary. (fanajana ny zavaboahary amin'ny fiainany)

**12.a** Manampy ny firenena an-dalam-pandrosoana amin'ny fampitaovana siantifika sy teknolojika hahafahan'ny manitsy ny fomba fanjifany sy famokarany hitsinjo ny ampitso.

**12.b** Mandavorary sy mampiasa fitaovana entina hanarahamaso ny vokatra eo amin'ny fandrosoana lovainjafy, mba ho fizahantany lovainjafy mamorona asa sy manome hasina ny kolontsaina sy ny vokatra eo an-toerany.

**12.c** Tsinjaraina ny fanampiana manokana ho an'ny Fandrehitra sisan-karingarina izay mahatonga fanimbana, amin'ny fanalana ny tsinin'ny tsena, araka ny zava-misy eo amin'ny Firenena. Noho izany, mandavorary ny rafitry ny hetra sy manafoana tsikelikely ny fanampiana manokana izay manimba, ka hahafahana mampiseho ny vokadratsiny eo amin'ny tontolo iainana, sady mijery ny filana sy ny zava-misy manokana eo amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana, no mampihena farafahakeliny ny mety ho vokadratsiny eo amin'ny fandrosoan'ireo firenena ireo, no miaro ihany koa ireo mahanta sy ireo vondrombahoaka voakasika.

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/fr/taxonomy/term/93681
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/12
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/sustainable-consumption-production/

### Talenta fitrandraka




- Mpanarato : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanarato/
- Mpilasy : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpilasy/




# ODD 13 - Fepetra mikasika ny fiovan'ny toetrandro

Efa loza mitatao ho an'izao tontolo izao ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro. Ary fantatra fa isan'ny firenena 3 tena hiharan'ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro i Madagasikara.[4] Mila mandray fepetra faran'izay haingana ny rehetra isan'ambaratongany mba hampihenana ny fiantraikan'io, isan'ny manana andraikitra koa ise !

Afaka manomboka amin'ny kely indrindra isika : miezaka mampihena sy mifady ny fampiasana plastika, tsy fanariana fako eny rehetra eny, fitsitsiana rano …

**Tanjona 13 : Maka fepetra haingana hiadiana amin'ny fiovan'ny toetrandro sy ny vokany.**

## Zava-kendrena

**13.1** Manamafy ny fahafahana miatrika voina sy ny fahafahana maka fepetra manoloan'ireo trangam-piovan'ny toetrandro sy ny loza voajanahary mifandray amin'ny toetrandro.

**13.2** Mampiditra fepetra mifandraika amin'ny fiovan'ny toetrandro anaty politika, paikady sy tetipivoram-pirenena.

**13.3** Manatsara ny fanabeazana, ny fanentanana sy ny fahafahan'ny isambatanolona sy ny andrimpanjakana maka fepetra mifanaraka amin'ny fiovan'ny toetrandro, manalefaka ny vokany ary mampihena ny fipaikany. Manatsara ihany koa ny rafitra fanairana haingana.

**13.a** Manatanteraka ny fanekena nataony ny firenena mandroso izay mpiray antoka amin'ny fanatanterahana ny fifanarahana lasitry ny firenena mikambana mikasika ny fiovan'ny toetrandro, hitady vola 100 miliara USD, avy amina loharano marolafy mandrapahatonga ny 2020, mba hamaliana ny filan'ny firenena an-dalam-pandrosoana haka fepetra mazava manalefaka ny vokatry ny fiovan'ny toetrandro, mangarahara ny fanatanterahana izany. Mampiodina ny tahirimbola maitso ho an'ny fiovan'ny toetrandro amin'ny fanomezana azy ao anatin'ny fotoana fohy ny tetibola ilainy.

**13.b** Mampiroborobo ny fampitaovana ny fanamafisana fahaizamanao mba hahafahan'ny firenena tsy dia mandroso sy ny firenena nosy an-dalam-pandrosoana manana fomba mahomby handaminany sy hitantanany ny fiatrehany ny fiovan'ny toetrandro, mijery manokana ny mikasika ny vehivavy, ny tanora, ny tompontany, ny sokajy voahilikilika.

## Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/fr/taxonomy/term/93686
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/13
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/climate-change-2/

[4] UNDP. Madagascar, Réduire la vulnérabilité et protèger les ressources environnementales. https://www.mg.undp.org/content/madagascar/fr/home/climate-and-disaster-resilience.html

## Talenta fitrandraka

- Mpamantatra toetrandro : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpamantatra-toetrandro/
- Firotsahana Mpiaro ny tontolo iainana : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpihary-tontolo-iainana/

## ODD 14 - Voahary an-drano

Ranomasina avokoa no mandrakotra ny roa ampahatelon'izao tontolo izao. Miankina be dia be amin'ny ranomasina ny fiainantsika olombelona : ahazoantsika sakafo, rano, angovo, … Ny fikolokoloantsika ny ranomasina sy ny zava-manan'aina ao aminy dia antoka hitsinjovantsika ny an-jato taona mbola hiainantsika sy ny taranatsika aoriana.

**Tanjona 14 : Mitahiry sy mitrandraka ny ranomasimbe, ny ranomasina, ny loharanonkarena an-dranomasina, am-pitsinjovana ny ampitso, ho fandrosoana lovainjafy.**

### Zava-kendrena

**14.1** Mandrapahatongan'ny 2025, misoroka sy mampihena betsaka ny karazana loto an-dranomasina rehetra, indrindra ireo vokatry ny asa atao an-tanety, anisan'izany ny fako an-dranomasina sy ny loto avy amin'ireo akorantsakafo.

**14.2** Mandrapahatongan'ny 2020, mitantana sy miaro maharitra ny rohivoahary an-dranomasina sy an-tsiraka, indrindra amin'ny fanamafisana ny fahafahana miatrika voina, hisorohana ny vokadratsin'ny fahasimbany. Maka fepetra hamerenana amin'ny laoniny izany rohivoahary izany mba hitsinjovana ny fahasalamana sy ny famokaran'ny ranomasimbe.

**14.3** Mampihena faran'izay betsaka ny fahasidran'ny ranomasimbe, miady amin'ny vokany, indrindra amin'ny fanamafisana ny fiarahamiasa ara-tsiantifika isan'ambaratonga.

**14.4** Mandrapahatongan'ny 2020, mametraka fitsipidalana mahomby momba ny jono, manafoana ny jono tafahoatra, ny halatra manjono, tsy misy fanambarana sy tsy manaraka fepetra, ny fomba fanjonoana manimba. Mampihatra drafipitantanana miorina amin'ny antontankevitra siantifika, tanjona ny hamerenana ny tahirin-trondro haingana araka izay azo atao, fara fahakeliny amina fetra hahafahana mahazo vokatra betsaka tsy tapaka araka ny toetoetra ara-biolojika.

**14.5** Mandrapahatongan'ny 2020, miaro ny 10% ny fari-dranomasina sy ny sisintany fara fahakeliny, araka ny lalana eo amin'ny firenena sy ny lalana iraisam-pirenena sy araka ny antontankevitra siantifika tsara indrindra misy.

**14.6** Mandrapahatongan'ny 2030, rarana ny tohana ara-bola ho an'ny jono izay mahatonga ny fihoaram-pefy amin'ny jono sy ny fanjonoana tafahoatra. Manafoana ny tohana ara-bola mahatonga halatra manjono, tsy misy fanambarana sy tsy manaraka fepetra, tsy manome tohana ara-bola vaovao. Ny fanomezana fikarakarana manokana sy isafidiana mahomby ary mifanaraka amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana sy ny firenena tsy dia mandroso dia tokony ho tafiditra anaty fifanarahana momba ny tohana ara-bola ho an'ny jono atao eo amin'ny Vondrona iraisam-pirenena mikasika ny varotra.

**14.7** Mandrapahatongan'ny 2030, omena tombotsoa kokoa amin'ny vokatra ara-toekaren'ny fitrandrahana maharitra ny loharanonkarena an-dranomasina ireo firenena nosy kely an-dalam-pandrosoana sy ireo firenena tsy dia mandroso, indrindra amin'ny alalan'ny fitantanana lovainjafy ny jono, ny fiompiana trondro sy ny fizahantany.

**14.a** Mandalina ny fahalalana ara-tsiantifika, manamafy ny fahafaha-mikaroka sy mampita ny teknikan-dranomasina araka ny fepetra sy fitsipika mitarika avy amin'ny vaomiera iraisam-pirenena misahana ny ranomasimbe momba ny fampitana ny teknikan-dranomasina. Tanjona ny fanatsarana ny fahasalaman'ny ranomasimbe. Manamafy ny anjarabirikin'ny zavaboahary anaty ranomasina amin'ny fampandrosoana ny firenena an-dalam-pandrosoana, indrindra fa ny firenena nosy kely an-dalam-pandrosoana sy ny firenena tsy dia mandroso.

**14.b** Miantoka ny fisitrahan'ireo mpanjono madinika ireo loharanonkarena an-dranomasina sy ny fidirana amin'ny tsena.

**14.c** Manatsara ny fikajiana ny ranomasimbe sy ny loharanonkarenany, mitrandraka azy amin'ny fomba maharitra araka ny fampiharana ny lalana iraisam-pirenena hita ao amin'ny fifanarahan'ny firenena mikambana momba ny lalana mifehy ny ranomasina, izay manome ny fitsipi-dalana ilaina iarovana sy itrandrahana maharitra ny ranomasimbe sy ny harena ao aminy, araka ny hita ao amin'ny andininy 158 mikasika ny « Hoavy ilaintsika »

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://earthtribe.scout.org/tide-turners-plastic.html
- https://sdgs.scout.org/fr/taxonomy/term/93691
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/14
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/oceans/

### Talenta fitrandraka





- Mpanarato : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpanarato/
- Mpikajy tontolo iainana : https://www.scout.mg/talenta/maitso-tontolo-iainana/
- Firotsahana Mpiaro ny tontolo iainana : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpihary-tontolo-iainana/

## ODD 15 - Voahary an-tanety

I Madagasikara no firenena hahazo fahasahiranana indrindra vokatry ny fahasimban'ny tontolo iainana, raha ny tatitra navoakan'ny WWF[5]. Noho ny ala no ahazoantsika rivotra sy rano madio, ankoatra ireo harena maro azo avy aminy.

Maro no azon'ise handraisana anjara mba hiarovana ireo harena an'ala maro ananantsika, ny fambolen-kazo sy ny fikolokoloana ny ala ary ny fiarovana ireo biby tsy manan-tsahala fahita eto Madagasikara.

**Tanjona 15 : Mipetraka ny fiarovana sy ny paika fitrandrahana maharitra ny ala, ny ady amin'ny haitany, ny fitantanana ny tany, ny ady amin'ny fahasimban'ny tontolo iainana ary foanana izay manimba ny tontolo iainana.**

### Zava-kendrena

**15.1** Mandrapahatongan'ny 2020, miantoka ny fiarovana, ny famerenana amin'ny laoniny, ny fitrandrahana maharitra ny rohivoahary an-tanety sy ny rohivoahary an-dranomamy sy ireo izay mikasika izany, jerena manokana ny ala, ny faritra mando, ny tendrombohitra, ny faritra karakaina, araka ny adidy avy amin'ireo fifanarahana iraisam-pirenena.

**15.2** Mandrapahatongan'ny 2020, mampiroborobo ny fitantanana maharitra ireo karazana ala rehetra, manafoana ny fandrimpahana ny ala, ny famerenana ny ala simba, mamboly hazo betsaka kokoa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

**15.3** Mandrapahatongan'ny 2020, miady amin'ny tany ngazana, mamerina ny tany sy ny nofontany simba, indrindra fa ireo tany karakaina, maina, tondraka, ary miezaka mba tsy hisy intsony ny fahasimban'ny nofontany manerana izao tontolo izao.

**15.4** Mandrapahatongan'ny 2020, miantoka ny fiarovana ny rohivoahary an-tendrombohitra, indrindra ny harenjavaboahariny, mba hahazoana tombony ilaina amin'ny fandrosoana lovainjafy.

**15.5** Maka fepetra hentitra haingana hampihenana ny fahasimban'ny tontolo voajanahary , manafoana ny fihenan'ny harenjavaboahary; ary mandrapahatongan'ny 2020, miaro ireo karazam-bivy sy zavamaniry atahorana mba tsy ho lany tamingana.

**15.6** Manome vahana ny fizarana marina sy tsy mitanila ny tombotsoa azo avy amin'ny fampiasana ny loharanonkarena nanahary sy mampiroborobo ny fahazoana misitraka izany araka ny tokony ho izy, araka ny tapaka teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

**15.7** Mandray haingana fepetra hampiatoana ny fihazana tsy ara-dalana sy ny fanodikodinana biby sy zavamaniry arovana. Miady amin'ny fototry ny olana eo amin'ny tolotra sy ny tinady.

---

[5]RFI. Madagascar, pays le plus affecté par la destruction de l'environnement. 2020. http://www.rfi.fr/fr/afrique/20200217-madagascar-affect%C3%A9-destruction-environnement

**15.8** Mandrapahatongan'ny 2020, maka fepetra tsy hamelana ny fampidirana karazana biby sy zavamaniry mameno toerana, manalefaka ny vokany eo amin'ny rohivoahary an-tanety sy an-drano, manaramaso sy mamongotra ireo karazany mila jerena akaiky.

**15.9** Mandrapahatongan'ny 2020, mampiditra ny fiarovana ny rohivoahary sy ny harenjavaboahary anatin'ny tetipivoaran'ny firenena, anatin'ny rafi-pampandrosoana, anatin' ny paikady fampihenana ny fahantrana sy ny kaontimbola.

**15.a** Mitady loharanombola samy hafa, mampitombo betsaka ny fiarovana ny harenjavaboahary sy ny rohivoahary sy ny fitrandrahana izany maharitra.

**15.b** Mitady entimanana avy amin'ny loharano rehetra, sy ny ambaratonga rehetra hamatsiambola ny fitantanana maharitra ny ala sy hampirisihana ny firenena an-dalam-pandrosoana hanome lanja io karazam-pitantanana io ho fiarovana ny ala sy ho fambolenkazo.

**15.c** Mitondra fanampiana betsaka ho an'ny ady amin'ny fihazana tsy ara-dalana sy fanodikodinana an-tsokosoko zavaboahary arovana amin'ny alalan'ny fampitaovana miantoka velontena lovainjafy ho an'ny mponina eny ifotony.

### Hitrandraka isimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/fr/taxonomy/term/93696
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/15
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/biodiversity/

### Talenta fitrandraka



- Mpikajy tontolo iainana : https://www.scout.mg/talenta/maitso-tontolo-iainana/
- Tia biby : https://www.scout.mg/talenta/maitso-tia-biby/
- Tia zava-maniry : https://www.scout.mg/talenta/maitso-zavamaniry/
- Firotsahana Mpiaro ny tontolo iainana : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpihary-tontolo-iainana/

## ODD 16 - Fandriampahalemana, Fitsarana, andrimpanjakana mahomby

Tsy hisy fandrosoana maharitra raha tsy ao anaty fandriampahalemana, sy fiaraha-monina tsy misy fifandonana, tsy misy tsy rariny, ary tsy misy tsindrihazolena. Manomboka amin'ny ezaka sy asa ataon'ny tsirairay toa an'ise no ahafahana manorina fiaraha-monina milamina, mijoro ho an'ny zon'olombelona, ary manana olom-pirenena mandray anjara mavitrika anaty fitantanana mahomby.

**Tanjona 16 : Mipetraka ny fiarahamonina mandry fahalemana, hamoraina ny fisitrahan'ny rehetra ny fitsarana ary apetraka ny andrimpanjakana mahomby, mandray andraikitra sy misokatra ho an'ny rehetra.**

### Zava-kendrena

**16.1** Ahena betsaka, na aiza na aiza manerantany , ny endrika isehoan'ny herisetra sy ny tahan'ny fahafatesana vokatr'izany.

**16.2** Ajanona ny faniratsirana, ny fanararaotana, ny varotrolona sy ny endrika isehoan'ny herisetra sy fampijaliana izay sedrain'ny ankizy.

**16.3** Mampiroborobo ny tany tan-dalana eo amin'ny sehatra nasionaly sy iraisam-pirenena sy mamela ny rehetra hisitraka mitovy ny asam-pitsarana.

**16.4** Mandrapahatongan' ny 2030, ahena be ny fivezivezem-bola tsy ara-dalana sy ny varotra fitaovam-piadiana antsokosoko, manamafy ny asa famerenana sy fanagiazana ireo harena nangalarina ary miady amin'ny endrika rehetra isehoan'ny helokabevava mirindra.

**16.5** Ahena be ny kolikoly sy ny fanaovana tsolotra amin'ny endriny rehetra.

**16.6** Mametraka andrimpanjakana mahomby, tomponandraikitra, mangarahara amin'ny asa, amin'ny ambaratonga rehetra.

**16.7** Atao izay hahatonga ny fahavitrihana, ny fisokafana, ny fandraisananjara sy ny fisolontenan'isan'ambaratonga hamaritra ny fomba fanapahankevitra.

**16.8** Manitatra sy manamafy ny fandraisananjaran'ny firenena an-dalam-pandrosoana amin'ny rafitra miandraikitra ny fandraharaharana ny fitantanana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

**16.9** Mandrapahatongan'ny 2030 , miantoka ny fananana ny fizahoana ara-panjakana, indrindra amin'ny alalan'ny fanoratana ny fahaterahana.

**16.10** Miantoka ny fahazoan'ny sarambabe fizarambaovao sy miaro ny fahalalahana fototra araka ny lalana eo amin'ny firenena sy ny fifanarahana iraisam-pirenena.


**16.a** Manohana ireo rafipanjakana misahana ny fisorohana ny herisetra sy ny ady amin'ny fampihorohorona ary ny helokabevava, isan'ambaratonga, indrindra any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana, amin'ny alalan'ny fiarahamiasa iraisampirenena.

**16.b** Mampiroborobo sy mampihatra ny lalana sy ny politika tsy manavaka ho fandrosoana lovainjafy.

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/fr/taxonomy/term/93701
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/16
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/peace-justice/

### Talenta fitrandraka



- Mpandalina Soratra Masina : https://www.scout.mg/talenta/maitso-soratra-masina/
- Mpiady amin'ny fahalovana : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpiady-fahalovana/
- Mpitarika : https://www.scout.mg/talenta/maitso-mpitarika/
- Firotsahana mpanentana maha-olom-pirenena vanona (civisme) : https://www.scout.mg/talenta/mena-mpihary-civisme/

## ODD 17 - Fiarahamiasa ho fanatanterahana ny tanjona

Tsy ho tratra ireo Tanjon'ny Fandrosoana Lovainjafy (ODD) ireo raha tsy miara-miasa isika rehetra. Efa mifaningotra avokoa izao tontolo izao ankehitriny, fotoana izao hananganana fiaraha-miasa sy hifanohanana.

**Tanjona 17 : Manamafy sy mamelona ny fomba hanatanterahana ny fiarahamiasa iraisam-pirenena ho an'ny fandrosoana lovainjafy.**

### Zava-kendrena

**17.1** Manatsara ny famoriana entimanana ao amin'ny firenena, indrindra amin'ny alalan'ny fanampiana iraisam-pirenena ho an'ny firenena an-dalam-pandrosoana, mba hanamafisana ny fahafahamanaon'ny firenena hanangona ny hetra sy ny vola miditra hafa.

**17.2** Atao izay hanajan'ny firenena mandroso ny teny nomeny mikasika ny fanampiana ny firenena an-dalam-pandrosoana, indrindra ny mikasika ny fanekena nataon'ny maro amin'izy ireo, hanokana ny 0,7% amin'ny harinkarena faobeny ho amin'izay, ary hanokana ny 0,15% ka hatramin'ny 0,20% hanampiana ireo firenena taraiky fandrosoana. Hampirisihana ireo mpanome fanampiana mba hametraka tanjona ho 0,20% amin'ny harinkareny no omena ny firenena taraiky fandrosoana.

**17.3** Mitady entimanana ara-bola fanampiny avy amin'ny loharano samihafa ho an'ny firenena an-dalam-pandrosoana.

**17.4** Manampy ny firenena an-dalam-pandrosoana hahavita mizaka ny trosany mandritry ny fotoana maharitra amin'ny alalan'ny politika ifampiresahana mikasika ny famatsiambolan'ny trosa, ny fanalefahana na ny fanovandrafitra azy , araka ny zavamisy, mampihena ny fitrosana tafahoatra amin'ny famahana ny olana momba ny trosa ivelany ny firenena boka trosa.

**17.5** Mandany sy manatanteraka rafitra mampiroborobo ny fampiasambola ho an'ny firenena tsy dia mandroso.

**17.6** Manamafy ny fisitrahana ny siansa, ny haitao, ny haivao, ny fiarahamiasa eo amin'ny Tavaratra sy ny Tatsimo sy ny samy Tatsimo sy ny fiarahamiasa telozoro isam-paritra sy iraisam-pirenena amin'ireo sehatra ireo. Manatsara ny fizarana fahalalana araka ny nifanarahana, indrindra amin'ny fandrindrana tsara kokoa ny rafitra misy, eo anivon' ny Vondron'ny Firenena Mikambana sy ao anatin'ny rafitra iraisam-pirenena manamora ny haitao.

**17.7** Mampiroborobo ny fanajariana, ny fampitana, ny fanaparitahana haitao manaja ny tontolo iainana ho an'ny firenena andalam-pandrosoana, mifanaraka amina fepetra tsara, anisan'izany ny tombotsoa manokana sy isafidiana izay ifanarahana.

**17.8** Atao izay hahatongan'ny tahirina haitao sy ny rafitra manamafy ny fahaizamanao siantifika sy teknolojika sy ny fahaizamanavao an'ireo firenena tsy dia mandroso, hiasa feno mandrapahatongan'ny 2017. Manamafy ny fampiasana teknolojia ilaina, indrindra amin'ny sehatry ny informatika sy ny serasera.

**17.9** Mitondra tantsoroka bebe kokoa eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, izay miantoka ny fanamafisana fahafahamanao ombam-pahombiazana sy mikendry fahaizamanao voafaritra amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana, manampy ny lamina nasionaly manatratra ny tanjon'ny fandrosoana lovainjafy, indrindra anatin'ny fiarahamiasa Tavaratra sy Tsatsimo sy samy Tatsimo sy ny fiarahamiasa telozoro.

**17.10** Mampiroborobo rafi-barotra marolafy ho an'ny rehetra, izay manaraka fitsipika, misokatra, tsy manavaka, tsy mitanila, eo ambany fiahian'ny Vondrona iraisam-pirenena ho an'ny varotra, indrindra amin'ny alalan'ny Fandaharanasan'i Doha ho an'ny fampandrosoana.

### Hitrandraka misimisy kokoa

- https://sdgs.scout.org/fr/taxonomy/term/93706
- https://madagascar.un.org/fr/sdgs/17
- https://www.un.org/sustainabledevelopment/fr/globalpartnerships/



Tily eto Madagasikara
@tilyscout | www.scout.mg